

**Nidina teo am-pivoan'ny kianja ny mpijery alohan'ny nivoahany am-pilaminana**

***Fianakaviana teratany Malagasy, mizaka ny zom-pirenena makagasy, no nanatrika ny ady baolina kitra firahalahiana nihaonan'ny ekipan'ny Allemagne sy France. Nisy tamin'izy ireo avy aty Madagasikara ary mandalo fotsiny ihany mitsidika ny havany. Nifanoratra izahay ka mba niangaviako hitantara ny zavatra niainany, reny sy hitany tamin'io zoma 13 Novambra 2015 tao aminy Stade de France.***

***Tsy ho lazaiko eto ny anaran'ireo Malagasy ireo fa izao no nitantarainy:***




**Ny Filoha François Hollande tao amin'ny tribune d'honneur**

« Tamin'ny 8 ora sy fahefany alina teo izahay no tonga tao amin'ny Stade de France. **Taty aminy tribune inter sud no nisy anay rehetra, varavarana Y**

. Afaka 15 minitra teo ho eo, taorian'ny nanombohan'ny lalao France-Allemagne dia nisy fipoahana mafy re, saingy mbola tsy nisy taitra na izahay na ny mpijery rehetra. Tato koa moa tsy nisy nifandrenesana ny hiak'ireo supporters. Rehefa nisy kosa ilay fipoahana fanindroany, niampy ny fisiana hélicoptère nivezivezy teo ambon'ny Stade de France, vao nanomboka nanontany tena ny daholobe. Nino izahay fa io angindim-by io no naka ny Filoha frantsay, François Hollande izay nanatrika ny lalao.



« Telo polo minitra alohan'ny hifaranan'ny lalao no nahazo antso izahay momba ny zava-niseho tao ivelan'ny Stade de France. Teo izahay vao nijery ny vaovao farany haingana tamin'ny alalàn'ny finday. Ny manodidina anay rehetra ihany koa nanomboka nahazo antso sy niresaka ny vaovao ka nanomboka niala tamin'ny toerany moramora ny mpijery, indrindra ireo nitondra zaza. Minitra fohy tsy hiravan'ny lalao no nandeha namonjy ny fivohana izahay. Filaharam-be no nisy fa nahay nifandamina ny olona ka tsy nisy ny fifanosehana na tao aza ny fikoropahana.








Tamin ny 8ora sy fahefany teo zahay no tonga tao amin ny stade Saint de France. Taty amin tribune inter sud no nisy anay rehetra varavarana Y. Afaka 15 min teo taorian'ny nanombohan lalao dia nisy fipoahana mafy re saingy mbola tsy nisy taitra zahay. Nisy ilay fipoahana faharoany niampy sy ny fisiana helicopter nivezivezy teo ambony Stade de France no nanomboka nanontany tena zahay.

30 min alohan hifaranan lalao no nahazo antso zahay momba ny zava-niseho tao ivelan ny stade France. Teo zahay vao nijery ny vaovao farany haingana. Ny manodidina anay rehetra ihany koa nanomboka nahazo antso sy niresaka ny vaovao ka nanomboka nivoaka moramora indrindra ireo nitondra zaza. Minitra fohy tsy hirava'ny lalao no nivoaka zahay ary taty ivelany efa tsy tafatombina daholo ny olona no sady filaharana be ny fivoahana. Raha niandry ny hifaranan'ny lalao zahay dia mety nitombo kokoa ny fitaintaina satria teo am-pivoahana zahay no nanomboka nametraka ny dispositif d'évacuation ny zareo. Taty ivelany tanteraka zahay vao afaka nijery tamin'ny vaovao ny zava-niseho rehetra teto Paris ary nampalahelo tokoa. Sarotra ny fandraisan'ny train teo Saint Denis satria samy efa te hody mafy avokoa ny rehetra ka voatery nandamina ny mpitandro filaminana mba tsy hisian'ny fifanosehana satria saro-pady be eny.

Olona tsy manan-tsiny no maty (manodidina ny 100 hatreto ary betsaka no naratra) ary mbola ao anatin'ny sain'ny maro ihany koa ny zavatra niseho tamin fiandohan'ny taona 2015. Amiko firaisan-kina sy fihombonana tanteraka no ilaina amin'izao fotoana izao.

Miombona alahelo tanteraka amin'ireo namoy olona akaiky na olom-pantatra ary mankahery ny fianakaviany rehetra.





**FANDRAOVANA RAHA HIJERY NY ASA VITAN'I VERONIQUE TETO AMIN'ITY TANY**